

Fandrindrana manokana ireo fehezan-dalana mifehy ny famokarana sy ny famarotana ny trondro an-dranomamy (Zana-trondro sy trondro nohatavezina)



**Boky kely nataon'ny tetik'asa Appui aux Marchés Plscicoles
en ANAlamanga (AMPIANA) sy Composante A du Projet
d'Aquaculture Durable à Madagascar (PADM)**

2022



Fizahan-takelaka

I. Fandrindrana manokana	4
1) Iza avy ireo tompon'andraikitra ara-panjakana voakasiky ny fiompiana trondro?	5
2) Inona avy ireo dingana ara-panjakana tokony hatao raha mikasa hanomboka asa famokarana sy famarotana trondro nohatavezina na zana-trondro ?.....	5
3) Inona avy ireo taratasy fahazoan-dàlana ilaina raha hanatanteraka fanjonoana, fanonganam-bokatra na ny fitaterana azy ireo ?	7
4) Inona avy ireo pepetra takiana amin'ny lafiny ara-pahasalamana sy ny fahadiovana ?	8
5) Fanaraha-maso mahakasika ny fiompiana trondro : inona avy ireo azo sokajiana ho fandikan-dàlana ary iza no afaka miditra an-tsehatra manao ny fanaraha-maso ?.....	9
6) Inona avy ireo sazy mifanaraka amin'ny halatra sy sotasota atao amin'ny fiompiana trondo ?	10
II. Ireo fehin-dalàna	11
1) Ny fandrindrana sy ny rafitra mahefa tomponandraikitra	11
2) Fananganana ny toeram-pamokarana trondro sy ny varotra zana-trondro	12
3) Ny Jono, ny fanonganam-bokatra ary ny fitaterana	15
4) Momba ny fanaraha-maso ny kalitao ara-pahasalamana'ny vokatra	17
5) Fitandroam-pilaminana amin'ny fampamokarana ny ati-rano	20
6) Ireo halatra trondro.....	21



Fampidirana

Ity boky ity dia natao hanazavana ireo lalàna mifehy ny famokarana sy ny famarotana ireo vokatra trondro azo avy amin'ny ranomamy sy ny fiompiana trondro. Ny fanatontosana azy dia anisany'ny fanehoana ny asa vitan'ny tetikasa AMPIANA nandritra ny efa-taona niasany. Noavaozin'ny Composante A-PADM ny taona 2022 izany.

Ny tanjon'ity boky ity dia ny fanomezana fitaovana tso tra sy mora ampiasaina ahafahan'ireo mpisehatra rehetra, toy ny mpamokatra, mpivarotra na ireo mpiasa eo anivon'ny tetik'asa, hahafantatra sy hampihatra ireo lalàna mifehy ity sehatra ity.

Ilaina ny manaja ny lalàna manan-kery raha te-hampandroso ny seha-pihariana. Ny faniranay ny amin'ny ho avy dia ny mba hisian'ny lalàna sahaza ho an'ireo mpiompy trondro an-tanimbary madinika tantanam-pianakaviana. Lèlana voavolavola araka izay mampiavaka azy, ary voasonia.

Mizara roa ity boky ity :

- ▶ Ny tapany voalohany dia ahitana ny fandrindrana manokana ireo lalàna manan-kery mba hanamorana ny fahatakaran'hy besinimaro azy.
- ▶ Ny tapany faharoa kosa dia natokana ho an'ireo andinin-dalàna mifehy ny famokarana sy ny famarotana ireo vokatra an-dransomamy ireo. Raha misedra olana ianareo dia afaka mijery azy ireny, na dia sarotsarotra aza ny famakiana azy.

I. Fandrindrana manokana

Mba hanamorana ny famakiana sy ny fahatakarana ireto andinin-dalàna ireto dia notsinjaraina araka ireto lohahevitra vitsivitsy ireto izy ireo :

- ▶ Iza avy ireo tompon'andraikitra arapanjakana voakasiky ny fiompiana trondro ?
- ▶ Inona avy ireo dingana arapanjakana tokony hatao raha mikasa hanomboka asa famokarana sy famarotana trondro na zanatondro ?
- ▶ Inona avy ireo taratasy fahazoandàlana ilaina raha hanatanteraka jono, fanangonana ireo vokatra na ny fitaterana azy ireo ?
- ▶ Inona avy ireo fepetra

takiana amin'ny lafiny araphasalamana sy ny fahadiovana ?

- ▶ Inona avy no tranga azo sokajiana ho fandikan-dalàna ary iza no afaka miditra an-tsehatra manao ny fanarahama-maso ?
- ▶ Inona avy ireo sazy mifandray amin'ny halatra trondro ?



1. Iza avy ireo tompon'andraikitraara-panjakana voakasiky ny fiompiana trondro?

Ny taona 2021, ny asa rehetra mahakasika ny jono sy ny fiompiana anaty rano dia andraikitrty ny ao amin'ny Ministeran'ny Jono sy ny toekarena manga (MPEB) izay bangointsika amin'ny hoe Fandraharana mikasika ny jono sy ny fiompiana anaty rano. Mialohan'ny hiasa amin'ny fiompiana trondro (famokarana zana-trondro sy famokarana trondro matavy) na avy amin'ny jono na an-dranomamy dia eny amin'ny biraon'ny fitaleavam-paritra eny anivon'ny Distrika na ny Faritra no tokony hanantona ny olona iray. Eny no manoro ny taratasy sy ny dingana arahina hatreo amin'ny fiatombohan'ny asa ka hatrany amin'ny famarotana ny vokatra.

Eny anivon'ny Distrika : manatona ny tompon'andraikitrty ny fari-piadidiam-parity ny Jono sy ny harena anaty rano (CIRPEB).

Eny anivon'ny Faritra : Manatona ny fandraharana mikasika ny Jono sy ny fiompiana anaty rano.

Fanondroana :

*Lalàna laharana faha 2015-053,
Mamaritra ny fehezan-dalànan'
ny jono sy ny famokarana anaty
rano, andininy 101.*

2. Inona avy ireo dingana ara- panjakana tokony hatao raha mikasa hanomboka asa famokarana sy famarotana trondro nohatavezina na zana-trondro ?

Raha manana izany fikasana izany dia ilaina ny manana ny taratasy fahazoandàlana avy amin'ireo tomponandraikitra voalaza etsy ambony. Izy ireo dia manana fahefana ny

hao fisavàna sy fanaraha-maso amin'ny fotoana rehatra eny anivon'ny toerana voalaza hanaovana ny asa.

Ireto ny antontan-taratasy tokony hokarakaraina amin'izany :

- ▶ Taratasy fahazoan-dàlana omen'ny lehiben'ny fari-piadidiana momban'ny jono eny anivon'ny distrika misy ny toeram-pamokarana.
- ▶ Ho an'ny famarotana zana-trondro dia misy taratasy fanamarinana manokana omen'ny tomponandraikiry ny jono akaiky indrindra.
- ▶ Mari-pankatoavana avy amin'ny manam-pahefana eny an-toerana.
- ▶ Taratasy fahazoan-dàlana hampiasa ny tany avy amin'ny « service de domaine »
- ▶ Taratasy fahazoan-dàlana momban'ny tontolo iainana

Karatry ny mpiompy trondro, maimaimpoana ary azo avaozina, omen'ny fandraharana mikasika ny jono sy ny fiompiana anaty rano. Omena ireo mpiompy trondro an-dranomamy nanahary na nataon'olombelona, anisan'izany ny fiompiana trondro an-tanimbary. Afaka mivezivezy mitondra sy mivarotra ny vokany mandavantaona, indrindra amin'ny fotoanan'ny fihidin'ny rano izay manana ny karatra.

Fanondroana

-Didim-pitondrana laharana faha 5321/2002/MAEL/SEPRH natao tamin'ny 17 oktobra 2002, andininy 1,2 sy 3

-Lalana laharana faha 2015-053

Mamaritra ny fehezan-dalànan'ny jono sy ny famokarana anaty rano, andininy 111, 112, 120, 122, 123, 124.

-Didim-panjakana laharana faha-9037-2020 ny 14 mai 2020 mfandray amin'ny karatry ny mpiompy trondroan-dranomamy-andininy 2, 3 ary 9.

Mialohan'ny fotoana fikatonan'ny jono, ny mpiompy trondro dia tokony hampahafantatra ny tomponandraikitra eny an-toerana ny zava-misy eny amin'ny toeram-pamokarany.

Fanondroana

Didim-panjakana laharana faha 2016-1493, tamin'ny 6 desambra 2016, ny fifehezana ny asa fiompiana hazan-drano, ao amin'ny andininy faha 8.



Fandrindrana manokana ireo lalana : ny trondro an-dranomamy

3. Inona avy ireo taratasy fahazoan-dàlana ilaina raha hanatanteraka fanjonoana, fanangonam-bokatra na ny fitaterana azy ireo ?

Raha eo amin'ny sehatra nasionaly, ny asa fanjonoana,fanangonana ny trondro na ny fitaterana azy ireo dia mila ny fahazoan-dàlana sy « certificat sanitaire » omen'ny ministera. Raha mila fanazavana fanampiny momba izany moa dia azo atao ny manantona ny biraon'ny fari-piandidina na ny biraon'ny distrika eny an-toerana.

Marihina fa ny fahazoan-dàlana momban'ny fitaterana dia tsy handoavambola.

Fanondroana

-*Lalàna laharana faha 2015-053, mamaritra ny fehezan-dalànan'ny jono sy ny famokarana anaty rano, andininy 44, 45, 115 sy 116,*

-*Didim-panjakana laharana faha 3924/2018 tamin'ny 20 février 2018, momban'ny fanangonana sy fitaterana ny harena anaty rano, andininy faha 2, 4, 5, 6, 7, 8, 9, 10, 11*

Mandritry ny fe-potoana fihidin'ny rano, dia misy taratasy fanomezan-dàlana manokana sy "certificat sanitaire", omen'ny Cirpêche raha hanao famarotana na fitaterana trondro eo amin'ny sehatra nasionaly.

Fanondroana

Didim-panjakana laharana faha 2016-1493, tamin'ny 6 desambra 2016, ny fifehezana ny asa fiom-piana hazan-drano, ao amin'ny andininy faha 8



4. Inona avy ireo fepetra takiana amin'ny lafiny arapahasalamana sy ny fahadiovana ?

Ireo vokatra hamidy dia tokony ho madio sy ara-pahasalamana mba hitandroana ny fahasalamaman'ny mpanjifa. Noho izany dia misy ny feni-tra sy fepetra takiana amin'ny mpivarostra sy toerana hivarotana. Voarara ny famarotana trondro fantatra fa misy poizina na tsy ara-pahasalamana.

Ny fanaraha-maso ny kalitaon'ny trondro dia andraikity ny « Autorité Sanitaire Halieutique (ASH) sy ny "Direction sanitaire et vétérinaire" (DSV)



Izay mandika izany fitsipi-pifehezana izany dia hiaran'ny sazy toy ny fampi-hatoana na ny fampitsaharana tante-raka ny asa.

Fanondroana :

- *Lalana laharana faha 2015-053, Mamaritra ny fehezan-dalanan'ny jono sy ny famokarana anaty rano, andininy 154, 155, 156, 158, 159.*

- *Didim-pitondrana laharana faha 7690/97 ny 29 aogositra 1997 mametraka ny fepetra ankapobeny amin'ny feni-tra sy ny fahadiovana*
- *Didim-pitondrana iraisan'ny ministera laharana faha 7691/97 ny 29 aogositra 1997 mametraka fitsipikamomba ny fahadiovana eo amin'ny toeram-pivarotana hazandrano vaovao sy vokandranomamy na vokandranomasina voahodina.*

- *Didim-pitondrana laharana faha 3270/2001, mandrara ny fame trahana an-tsena na fanomezana maimaim-poana trondro taoksika sy tsy ara-pahasalamana ho an'ny olona mpanjifa.*



5. Fiompiana trondro : inona avy ireo azo sokajiana ho fandikan-dalàna ary iza no afaka miditra an-tsehatra manao ny fanaraha-maso ?

Ireo antsoina hoe « Agent de l'Etat », no mamaritra sy manao ny fikarohana momba ny fandi-kan-dalàna. Ireto avy izy ireo amin'ny ankapobeny :

- ▶ Ny famokarana tsy manana fahazahoan-dàlana ; afatsy ireo fiompiana madinika (tsy mila fahazoan-dàlana manokana) antsoina hoe « pisciculture familiale » na fiompiana ataon'ny mpianakavy. Marihina fa mbola manjavozavo ny fifehezana ity « pisciculture familiale » ity ka ny fampiasana ny karatry ny mpiompy hatrany no manamora ny fanaraha-maso.
- ▶ Ny fanokafana ivon-toeram-pivarotana tsy misy taratasy fahazoan-dàlana.

- ▶ Ny fitaterana na fanangonambokatra tsy misy taratasy fahazoan-dàlana.
- ▶ Ny famarotana vokatra tsy arapahasalamana.
- ▶ Ny fanjonoana sy ny fitanterambokatra azo avy amin'ny jono andranomamy mandritry ny fefotoana hikatonan'izany.

Fanondroana :

Lalàna laharana faha 2015-053, mamaritra ny fehezan-dalànan'ny jono sy ny famokarana anaty rano, andininy 126, 127 sy 128.

6. Inona avy ireo sazy mifanaraka amin'ny halatra sy sotasota atao amin'ny fiompiana trondro ?

- ▶ Ny fangalarana na fikasana hangalatra trondro ao anaty dobo na fitahirizana dia saziana an-tranomaizina herintaona ka hatramin'ny dimy taona farafahakeliny.
- ▶ Ny fanapoizinana trondro ao anaty dobo, na anaty toeram-piompiana dia hosaziana an-tranomaizina herintaona ka hatramin'ny dimy taona ary mandoa onitra 100.000 Ar ka hatramin'ny 900.000 Ar.

Andininy faha 388 ao amin'ny Fehezan-dalàna famaizana na code pénal, hitsivolana laharana faha 62-013 tamin'ny 10.08.1962

Andininy faha 452 ao amin'ny Fehezan-dalàna famaizana na code pénal.

- ▶ Ny fanimbana na fikasana fanimbana toeram-piompiana na fitaovana fampiasa amin'ny famokarana trondro dia saziana an-tranomaizina enim-bolana ka hatramin'ny dimy taona ary mandoa onitra 200.000 Ar ka hatramin'ny 10.800.000 Ar.

Didim-panjakana laharana faha-435 tovana voalazan'ny Fehezan-dalàna famaizana na code pénal, hitsivolana laharana 77-036 tamin'ny 20.06.1997



II. Ireo fehin-dalàna

1. Ny fandrindrana sy ny rafitra mahefa tomponandraikitra

Lalàna laharana faha 2015-053, mamaritra ny fehezan-dalànan' ny jono sy ny famokarana anaty rano

Andininy 101

Ny Fitaleavana misahana ny Famokarana anaty rano no miahys ny fanatanterahana ny fampiharana ity lalana ity sy ireo didy rehetra mifandraika aminy, izay mifanindra-dàlana amin'ny politika ankabopen'ny firenenena momba ny famokarana anaty rano sy ny fitantanana izany.



Izy no mamaritra ireo fitsipika ankabopeny amin'ny fitantanana sy ny fampandrosoana ny famokarana anaty rano mifandrindra amin'ireo fifanarahana iraisam-pirenena mahakasika ny fitrandrahana, ny fikajiana, ary ny fiarovana ny harena anaty rano.

Izy no tomponandraikitra mahefa amin'ny asa rehetra mahakasika ny famokarana anaty rano manomboka amin'ny fametrahana ny toerampamokarana hatramin'ny famarotana ny vokatra.

Izy dia mandray anjara amin'ny fifandraisana amin'ireo rafitra mahefahafa voakasika amin'ny famaritana sy ny fanarahamaso ireo drafitr'asa sy asa mifandraika amin'ny fampandrosoana maharitra ny famokarana anaty rano.

2. Fananganana ny toeram-pamokarana trondro sy ny varotra zana-trondro na trondro

Didim-pitondrana laharana faha 5321/2002/MAEL/SEPRH ny 17 oktobra 2002 mikasika ny fananganana toeram-pamokarana sy famarotana zana-trondro na trondro vaventy

Andininy 1

Ho fampiarana ny andininy faha 15 de l'ordonnance n° 93 022 du 4 may 1993 mikasika ny fitsipika mifehy ny Jono sy ny famokarana anaty rano, fanorenana ny toeram-pamokarana trondro na zana-trondro, ankoatra ny fiompana ataon'ny mpianakavy, dia mila fahazoan-dàlana mialoha avy amin'ny sekreteram-panjakana misahana ny Jono sy ny Harena anaty rano.

Andininy 2

Mba hanatsarana ny fandrindrana ny famokarana zana-trondro sy hiarovana ny asa amin'ny halatra rehetra, ny famarotana zana-trondro rehetra dia tsy maintsy arahina fahazoan-dàlana avoakan'ny tompon-andraikitra misahana ny asa fampamokarana ny atirano sy ny jono akaikin'ny mpamokatra zana-trondro.

Andininy 3

Ny fanomezana ny fahazoan-dàlana voalaza etsy ambony amin'ny andininy faha 2 etsy dia maimaim-poana.

Lalana laharana faha 2015-053, mamaritra ny fehezan-dalanan' ny jono sy ny famokarana anaty rano

Andininy 111

Ny fitrandrahana ny famokarana anaty rano rehetra dia mila fahazoan-dalana ara-tontolo iainana voafaritry ny didy fampiarana tsy manohintohina ny didy fampiarana manankery efa misy

Andininy 112

Ny fanorenana ny toeram-pamokarana ny atirano dia tokony tsy hitarika amin'ny fanimbana ny 10% farafahabeny ny ala honko amin'ny faritra hanaovana ny fitrandrahana.

Didim-panjakana laharana faha 2016-1493, ny 6 desambra 2016, mika-sika ny fepetran'ny asam-pamokarana ny atirano

Andininy 120

Ny famoronana sy/na fanitarana ny toeram-pamokarana sy/na karazana asa famokarana anaty rano dia mitaky fananana :

fankatoavana avy amin'ny manampahefana eo antoerana miaraka amin'ny torohevitra ara-teknika avy amin'ny Foibem-parity ny Ministera misahana ny Jono sy ny Famokarana anaty rano;

-fifanarahana mialoha navoakan'ny Ministera misahana ny Jono sy ny famokarana anaty rano;

-fahazoan-dalana tanim-panjakana na fifanekem-panofana maharitra nomen'ny Ministera misahana ny fanantanany ;

-fanomezan-dàlana avy amin'ny Ministera hafa voakasika;

-fahazoan-dàlana momba ny tontolo iainana na ny taratasy fanamarinana ny tontolo iainana navoakan'ny rafitra mahefa.

Ny fanomezan-dàlana raikitra ho amin'ny fanorenana ny toeram-pamokarana atirano dia avoakan'ny Ministera misahana ny Jono sy ny famokarana anaty rano rehefa nahafeno ny fepetra takiana.

Andininy 122

Ny fitsipika mifehy ny fitrandrahana ireo toeram-pamokarana ny atirano

atao varotra sy ny fandaminana ny sehatra, indrindra momba ny kalia-taon'ny zana-trondro, ny sakafy sy ny asa faraharahana dia soritan'ny didy fampiharana.

Na olon-tokana na fikambanana nahazo alàlana hanao fampamokarana ny atirano dia tsy maintsy mampita ara-potoana any amin'ny Ministera misahana ny Jono sy ny famokarana anaty rano ny tahirin-kevitra sy antontan'isa rehetra eo amin'ny fitrandrahana.

Andininy 123

Ny fanaovana ny fampamokarana ny atirano dia mety ho voafetra na mihantona amin'ny fotoana sy ny toerana noho ny antony mifandray amin'ny fanatanterahana ny drafi-panajariana sy ny fitantanana, na raha toa ka voaporofy ny mety hampidi-doza ny tontolo iainana na ny faha-salamam-bahoaka

Ny fampiharana ireo dia ferana araky ny didy.

Andininy 124

Rehefa toerana fampamokarana ny atirano dia tsy maintsy mila ny fanarahamaso sy/na fitsirihana ara-teknika tanterahin'ny Ministera misahana ny Jono sy ny famokarana anaty rano.

Andininy 8

Ny mpamokatra ny atirano rehetra dia tsy maintsy mampiseho, alohan'ny fikatonan'ny fanjonoana, ny zava-misy mikasika ny asa-pitrandrahany ara-potoana, ary tokony ahitana ny :

- ▶ Fandraketana ny fihazonana ireo singa miditra ;
- ▶ Fandraketana ny fihazonana ny vokatra sy ny famarotana

Andininy 9

Mandritra ny fikatonan'ny fanjonoana, ny asa famarotana sy ny fitaterana eto antoerana ny vokatry ny atirano

dia tsy maintsy ilana fahazoan-dàlana manokana sy sertifika ara-pahasalamaña avy amin'ny minisitera misahana ny jono sy ny famokarana ny atirano.

Ny antontan-taratasy fangatahana fahazoan-dàlana manokana, dia tsy maintsy ahitana:

- ▶ Taratasy fangatahana amin'ny minisitera misahana ny jono sy ny famokarana ny atirano ;
- ▶ Dika mitovy amin'ny fahazoan- dàlana hitrandraka ;
- ▶ Fandraketana voalazan'ny andininy faha 8 amin'ity didim-panjakana ity.

Didim-pitondrana n°9037-2020 ny 14 mai 2020 mifandray amin'ny karatry ny mpiompy trondro an-dranomamy

Andininy 2

Araky ny voalazan'ny didim-pitondrana dia :

- ▶ Karatry ny mpiompy trondro : karatra ahafantarana ny maha- mpiompy trondro napetraky ny Ministera miandraikitra ny famokarana anaty rano, omena maimaimpoana ny miompy trondro mpisehatra izany ka ananany fahazoan-dàlana hiompy trondro eto amin'ny fari-piadidian'i Madagasikara.
- ▶ Mpiompy trondro : Ireo olona na fikambanana miompy trondro manao ny fiompiana ho fitadiavam bola ka mamarotra ireo vokany.

Andininy 3

Ity didim-pitondrana ity dia natao indrindra ho an'ireo mpiompy trondro andranomamy nanahary na nataon'olombelona amin'ny tanimpanjakana na samirery ary ireo fiompiana trondro an-tanimbary.

Andininy 9

Mitovona amin'ireo lalàna efa manankery, ny fananana ny karatry ny mpiompy trondro dia manome alàlana ny tompony fahafaha-mitatitra sy mivezivezy ary mamarotra an-kalahahana ireo vokany mandritra ny taona.



3. Ny Jono, ny Fanangonam-bokatra ary ny Fitaterana

Fepetra fidirana amin'ny jono, Lalàna laharana faha 2015-053, 2016

Andininy 44

Ny isambatan'olona na ny fikambanana rehetra manjono ara-barotra ao anatin'ny fari-drano-mamim-panjakana dia tokonymanana fahazoan-dàlana hanjono avy any amin'ny Minisitera misahanany jono sy ny famokarana anaty rano.

Ny fanomezana fahazoan-dàlana hanjono dia miankina amin'ny fandoavana haba izay faritan'ny

lalàna fampiharana. Ny fomba arahina sy ny fitsipika fahazoana na fanavaozana na fisintonana ny fahazoan-dàlana hanjono, ary koa ny fanjonoana ara-barotra dia voafaritry ny lalàna.

Andininy 45

Ny fahazoan-dàlana manjono ao anatin'ny rano ankoatry ny fari-drano-mamim-panjakana dia miankina amin'ny tompony.

Andininy 115

Tsy manohitohina ny rijan-teny manankery, ny varotra sy ny fitaterana eo amin 'ny sehatra nasionaly ny vokatry ny fampamokarana ny atirano dia miankina amin'ny fahazoana fanomezan-dàlana ny fivarotana sy ny fitaterana navoakan'ny Ministera misahana ny Jono sy ny Famokarana anaty rano sy taratasy fanamarinana fitandroam-pahasalamana navoakan'ny manam-pahefana ara-dalàna amin'izany.

Ny fampiharana ireo dia voafetran'ny didy.

Andininy 116

Ny fanondranana ny karazana vokatra famokarana anaty rano renitrondro velona, atody, olitra, zanany sy ny voly taho dia miankina fahazoana fano-mezan-dàlana sy ny fitaterana navoakan'ny Ministera misahana ny Jono sy ny Famokarana anaty rano sy taratasy fanamarinana fitandroam-pahasalamana navoakan'ny manam-pahefana miandraikitra ny fahasalam'an'ny biby mivelona an-drano sy fandoavana ny habaferan'ny didy amam-pitsipika.

*Didim-pitondrana laharana aha
3924/2018 ny 20 febroary 2018,
mikasika ny fanangonana sy ny
fitanterana ny vokatry ny fampamokarana ny atirano*

Andininy 2

Ireo rehetra mpanangona ny voka-try ny fampamokarana ny atirano dia

tsy maintsy manana ny fahazoan-dàlana hanangom-bokatra avy amin'ny Ministera miandraikitra ny Jono sy ny Famokarana Atirano Ny fahazoan-dàlana hanangom-bokatra dia manan-kery mandritra ny taona iray. Ny fotoam-panombohana dia ny 01 january ka hatramin'ny 31 desambra.

Andininy 4

Ny mpamokatra rehetra mitatitra ny vokany dia tsy maintsy manana ny fahazoan-dàlana hitatitra avy amin'ny Foibem-parity ny Harenra anaty Rano sy ny Jono misahana ny faritra hitrandrahana.

Ny fahazoan-dalàna dia manankery mandritra ny iray taona ary azo havaozina.

Andininy 5

Izay rehetra maniry nahazo fahazoan-dàlana hitatitra ny vokatry ny Atirano dia tsy maintsy manao fangatahana ao amin'ny Foibem-parity ny Harena anaty rano sy ny Jono misahana ny faritra hitrandrahana.

Andininy 6

Ny fanomezana ny fahazoan-dàlana hitatitra ny vokatry ny Fampamokarana ny Atirano dia mila ny fanànana ny fahazoan-dàlana hitrandraka avy amin'ny Foibe-parity ny Harena anaty rano sy ny Jono misahana ny Fampamokarana ny Atirano eo antoerana hitrandrahana sy ny Foiben'ny Fampamokarana ny Atirano eo anivon'ny Ministera misahana ny Fampamokarana sy ny Jono.

Andininy 7

Maimaim-poana ny fanomezana ny fahazoan-dàlana hitatitra ny vokatry ny Fampamokarana ny Atirano voalaza amin'ny andininy faha 2 etsy ambony.

Andininy 8

Tsy maintsy hita anatin'ny fitaoavam-pitaterana na ampiarahana amin'ireo vokatra nangonina na taterina ny fahazoan-dàlana hanangom-bokatra na ny dika mitovy aminy na ny fahazoan-dàlana ny taratasy fanamarinana arapahasalamana nomen'ny rafitra mahefa, ary ny taratasy fanamarinam-bokatra manankeryavy amin'ny Foibem-paritra ny Harena anaty rano sy ny Jono misahana ny Faritra fitrandrahana.

Andininy 9

Ny fitaterana ny vokatry ny fampamokarana ny atirano dia tsy maintsy

manaja ny pepetra mifehy ny fahadiovana sy ny fahasalamany vokatry ny harena anaty rano.

Andininy 10

Izay rehetra manao ny asa ny fitaterana ny vokatry ny Fampamokarana ny Atirano dia tsy maintsy manao tatitra isaky ny enim-bolana momban'ny fivezivezen'ny vokatra miditra sy mivoaka ny toeram-pitrandrahana any amin'ny Foibem-paritra ny harena anaty Rano sy ny Jono misahana ny faritra voakasika

Andininy 11

Ny tsy fanarahana ny pepetra, voatanisa ato anatin'ity Didim-pitondrana ity dia midika fa fandikana ny lalàna manankery ka mahavoasazy ary enjehina araka ny pepetra.

4. Momba ny fanaraha-maso ny kalitao arapahasalamany vokatra

Lalàna laharana faha 2015-053, mamaritra ny fehezan-dalànan' ny jono sy ny famokarana anaty rano

Andininy 154

Ny fiahiana arapahasalamana ny vokatra azo avy amin'ny jono sy ny famokarana anaty rano eo amin'ny tsena anatiny na aondrana any ivelany izay voalaza

ao anatin'ity boky ity dia voafehin'ny lalàna manan-kery momba ny fitandremam-pahasalamana natokana ho an'ny vokatra azo avy amin'ny jono sy ny famokarana anaty rano.

Ny fampiharana ny fepetra voalazan'ity boky ity dia andraikiry ny rafitra Mahefa izay ao anatin'ny Ministera misahana ny jono sy ny famokarana anaty rano.

Andininy 155

Ny fanaraha-maso ara-pahasalamana ny fahadiovan'ny vokatra azo avy amin'ny jono sy ny famokarana anaty rano dia andraikiry ny mpiasan'ny rafitra Mahefa nahazo alalana araky ny lalàna manan-kery.

Ny rafitra sy ny fandaminana ary ny fomba fiasan'ny rafitra Mahefa dia voafehy araky didy fampiarana.

Andininy 156

Ny mpiasan'ny Fahefana Mahefa tompon'andraikitra amin'ny fanara-hamaso ara-pahasalamana ny vokatra azo avy amin'ny jono sy ny famokarana anaty rano dia manamarina ny kalitao ara-pahasalamana ny hazandrano eo amin'ny toerana famoriam-bokatra, ny fiantsonana, ny orinasa, ny sambo, ny toeram-piompiana hazandrano, eo amin'ny tsena sy ireo toeram-pivarotana hazandrano ary eo amin'ireo sisintany.

Andininy 158

Mba ho fampiharana ireo fepetra izay ao anatin'ity lalàna ity ka mahakasika ny fandikan-dalàna ara-pahasalamana sy ireo fepetra ara-panjakana dia heverina fa ho fandikan-dalàna:

- ▶ Ny asa rehetra mifanohitra amin'ny fitsipi-dalàna natokana ho an'ny fitandremam-pahasalamana'ny vokatra azo avy amin'ny jono sy ny famokarana anaty rano;
- ▶ Ny fitsinjarana, ny fivarotana, ny varo-mandeha, ny fitaterana ny hazandrano mety hisy poizina afatsy ireo izay nahazahoan-dàlana manokana;
- ▶ Ny fanaovana hosoka sy ny fampiasana izany amin'ireo antotan-taratasy ara-pahasalamana;
- ▶ Ireo sakantsakana rehetra amin'ny fanatontosana ny fisafona ataon'ireo mpisia mahefa.

Andininy 159

Na iza na iza nikasa ny hizara, na ny hivarotra ho sakafon'ny olombelona na ny biby ny vokatra azo avy amin'ny jono na ny famokarana anaty rano kanefa tsy nanaraka ny fepetra voalazar'ity lalàna ity diaiharan'ny sazy ara-panjakana sy/na ady heloka.

Ireo sazy ara-panjakana dia mety ho : ny fampinjanonana ny asa, ny fampihatoana sy ny fisintonana ny fahazahoan-dalana ara-pahasalamana ary izany dia mifanaraka amin'ny loza naterak'ilay fandikan-dalàna.

Ny sazy ara-pitsarana dia faritana araka ny endriky ny fandikan-dalàna natao.



Fandrindrana manokana ireo lalana : ny trondro an-dranomamy (AMPIANA)



5. Fitandroam-pilaminana amin'ny fampamokarana ny atirano

Lalàna laharana faha 2015-053, mamaritra ny fehezan-dalànan' ny jono sy ny famokarana anaty rano

Andininy 126

Ho an'ny fikarohana sy ny fizahana fototra ny fandikan-dalàna, ny mpiasa voalaza etsy ambony dia afaka miditra sy misava izay faritra rehetra, trano, toerana fiasana.

a) mamantatra sy maka dika mitovy ny antontan-taratasy ara-panjakana syara-teknika rehetra momba ny fitran-drahana;

b) miditra sy misava ny toerana rehetra, trano, fiara ary ny toeram-piasana.

Andininy 127

Raha hita ny fandikan-dalàna, ny mpiasan'ny fanaraha-maso voalaza eo ambony dia afaka :

a) maka ny fiara mba ho tehirizina, na sambo ampiasaina amin'ny fampamokarana atirano, na

b) ireo fitaovana izay ahiana nampiasainatamin'ny fanaovana ny fandikan-dàlana sy ny vokatra notazonina sy notehirizina rehetra azo avy amin'ny fampamokarana ny atirano izay mandika ity lalàna ity.

c) maka santoniany amin'ny harena anaty rano misy eny ambony sambo, ao anaty fiara, toerana, trano, toerana fiasana izay hanatanterahana ny fisavana.

Andininy 128

Ireo asa rehetra ataon'ny olona manara-maso dia tsy maintsy anaovana fitanana an-tsoratra. Ny fitanana an-tsoratra itokiana natao sy voasonian'ny mpiasa dia manan-kery mandram-pisian'ny porofo mandiso ny fizahana fototra voalaza ao.

6. Ireo halatra trondro

*Didim-panjakana laharana
faha-62-013
ny 10.08.1962 mitondra ny Code
Pénal*

Andininy 388

Na iza na iza mangalatra na mikasa hangalatra eny an-tanimboly, biby fiompy na fitaovam-pamokarana, dia saziana herintaona ka hatramin'ny dimy taona farafahakeliny.

Sazy mitovy ho an'izay tratra nangalatra na saika hangalatra trondro an-dobo na anaty toeram-piompiana, hazo sy vato anaty kariera.

*Didim-panjakana n°77-036 du
26.06.1977, mitondra ny Code
Pénal*

Andininy tovana 435

Na iza na iza manimba na mikasa hanimba toeram-pambolena, [...], na amin'ny fomba ahoana na manahoana, na vokatra, sakafy, fitaovana natao hamokarana, [...], dia saziana an-tranomaizina enim-bolana ka hatramin'ny dimy taona ary mandoa onitra 200 000 Ariary ka hatramin'ny 10 800 000 Ariary, raha tsy manana porofo mazava tsy azo lavina izy.

Code Pénal

Andininy 452

Izay manampoitina [...], trondro anaty dobo, na toeram-piompiana, dia saziana an-tranomaizina herintaona ka hatramin'ny dimy taona ary mandoa onitra 100 000 Ariary ka hatramin'ny 900 000 Ariary.



Tovana 1 : Ireo karazana fahazoan-dalana hamokatra sy hivarotra vokatry ny fiompiana

Fahazoan-dalana hamokatra trondro fihinana



MINISITERANTRY FAMBOLENA, FIOMPANA
BY NY JONO
SOKOTRA JINERALY
FADEDIAM-PARTITY NY
FAMBOLENA, FIOMPANA BY NY JONO
ANALAMANGA,
SAMPANDERAHARAJAM-PARTITY JONO SY
NY FIOMPANA ANATY RAKO

FAHAZOAN - DALANA HAMOKATRA TRONDRO FIHINANA

N° ____/19 - MAEPS/G/DRAEP, 11/SRPA

- Araka ny fepatra vosifiry ny didim-pitonadrama N°5321/2002/MAEL/SEPRH tamis'ny 17/10/02 minkala ny fanoeremana teoram-pamokarana sy fivarotra zama-trondro sy trondro, _____ ny.
- Araka ny frangatahana nataou-dramatoa _____ ny.

Ity fanoeremana-dalana ity izay manan-kery mandritra ny efatra (94) tsous manomboka ny ka hatramin'ny dia omena an'Atao:

Anarana sy fnaompin'anarana :

Menina so :

Kaominina :

Teoram-piompiana:

Karazany:

Tsous manoremsa:

Fekontany:

Distriks:

Tanimbary	Izany	Velarany (ara)
Fanatanavezana		

Ny tompon'ity fahazoan-dalana ity dia ny manitra mandefy ny automai'isa mukatsika sy trondro vokatra sy lafo isan-bolana mandritra ny taom-pamokarana ary ny vokatry ny trondro fihinana eo anatin ny taom-pamokarana. Izany tatica izany dia omena ny tompon'andraikily ny Jono sy ny Harena amaty rano akaiky ary indrintra.

Natao teto Antananarivo, ny

Fahazoan-dalana hamokatra sy hivarotra trondro fihinana



MINISTERAN'NY FAMBOLENA, FOMPANA

SY NY JONO

SEKRETARI JENERALY

HADEHAM-PARTHY NY
FAMBOLENA, FOMPANA SY NY JONO
ANALAMANGA

SAMPANDRAHAKAJIAM-PARTHY JONO SY
NY FOMPANA ANATY RANO

FAHAZOAN - DALANA HAMOKATRA SY HIVAROTRA TRONDRO FIHINANA

N° /19 - MAEP/SG/DRAEP. 11/SRPA

- Araka ny fepesta vosifiry ny didim-pitondrana N°5321/2002/MAEL/SEPRH tamin'ny 17/10/02 minkasika sy fanozanao toeram-pamokarana sy fivarotana zana-trondro sy trondro,
- Araka ny fangatahana nataon'Andriamananjara.....ny.

Ity fanozana-dalana ity izay manan-kwy mandritra ny efatra (94) tsous manomeoka ny dia omena an'Atao:

Anaranja sy fampampi'anaranja:

Menina so:

Fokontany:

Kaominina :

Distraka

Toeram-piompiana:

Karazany:

Taona manogezana:

Dobo	Izany	Velarany (ara)
Fanatsavazana		

Tsimimbary	Izany	Velarany (ara)
Fanatsavazana		

Ny tompon'ity fahazoan-dalana ity dia tuy manitsy mandefy ny antomian'isa minkasika sy trondro volatra sy lafo isan-bolana mandritra ny taon-pamokarana ,ary ny volaktry ny trondro fihinana so anatin'ny taon-pamokarana. Izany tatitsa izazy dia omena ny tompon'andrainka ny Jono sy ny Harena amaty rano alakily ary indrindra.

Natao teto Antananarivo, ny

Fahazoan-dalana hamokatra sy hivarotra zana-trondro ary trondro fihinana



MINISTERANNA FAMBOLENA, FOMIANA
BY NY JONO

SEKRETARIA JENRALY

RAJENAM-PARITRY NY
FAMBOLENA, FOMIANA BY NY JONO
ANALAMANGA

SAMPANDRAHARA JAM-PARITRY JONO SY
NY FOMIANA ANATY RANO

FAHAZOAN - DALANA HAMOKATRA SY HIVAROTRA ZANA-TRONDRO ARY TRONDRO FIHINANA

N° ____/19 - MAEP/SG/DRAEP.11/SRPA

- Araka ny fepefa voasifary ny didim-pitondrama N°5321/2002/MAEL/SEPRH tamia'ny 17/10/02 mikesika sy fasonerana toeram-pamokarana sy fivarotana zana-trondro sy trondro, nataon'Andriamananjara.....ny.
- Araka ny fangatalaha nataon'Andriamananjara.....ny.

Ity fahazoan-dalana ity izay manan-kwy mandritra ny efatra (04) tsosy manomboka ny ... ka hatramin'ny dia omena zan'Atao:

Anarana sy fassampim' anarana:

Monina zo:

Fokontany:

Kaoominina :

Distrtsi :

Toeram-piompianas:

Karazany:

Tsosy manoremanas:

Trondro fakana tarsaka	Izany	Lanjanay(Kg)
Laby		
Vavy		
Dobo	Izany	Velarany (ara)
Remy trondro		
Fampantanodizana		
Zana-trondro		
Tsimibary	Izany	Velarany (ara)
Fantavazana		

Ny tompon'ity fahazoan-dalana ity dia tyy maintsy mandefy ny antontan'ha mikesika sy trondro volakatra sy lafo isan-bolana mandritra ny taon-pamokarana ,ary ny volakatra ny trondro fihinana so anatin'ny taon-pamokarana. Izany taitika izany dia omena ny tompon'andriankify ny Jono sy ny Harena anaty rano akaiky ary indrindra.

Natao teto Antananarivo, ny

Tovana 2 : Fahazoan-dalana hanangonam-bokatra an-dranomasina



Fandrindrana manokana ireo lalana : ny trondro an-dranomamy (AMPIANA)



Mpanoratra (AMPIANA)

MARTEL Philippe
RAHAMEFY Naly

Mise à jour (PADM – Composante A)

MAUREAUD Clémentine

Miaraka amin'ny fandraisana anjaran'i (AMPIANA)

RANDRIANANDRASANA Maminaina Iriantsoa

Le projet AMPIANA a été financé par l'Union Européenne.

